# Tany Paris hatrany Sapporo

*Mipetraka amin'ny toerana samy hafa eto amin'izao tontolo izao izahay, kanefa mitovy ny fahatsapanay rehefa natsangana teo akaikin'ny toerana misy anay ny tempoly!*

**Avy amin'ny fakana am-bavany nataon'i Amie Leavitt, Utah, USA.**








*Tohatra mihodinkodina ao amin'ny Tempolin'i Paris Frantsa*

Rachel no anarako. Mipetraka eo akaikin'ny Tempolin'i Paris, Frantsa izahay.

Tena manan-danja ho an'ny fianakavianay ny tempoly. Mialoha ny nanangana ny tempolin'i Paris dia nandeha im-betsaka isan-taona nanao dian'ny mpianakavy nankany amin'ny Tempolin'i Francfort Alemana izahay. Nandany adiny 10 ny familiana fiara nandeha tany sy niverina nody!

Tianay ny nijery ny fananganana ilay tempoly vaovao. Isan-kerinandro, aorian'ny fotoam-bavaka any am-piangonana, dia nampandalovin'ny ray aman-dreninay teo ny fiaranay mba hahitanay ny fizotry ny fananganana. Tamin'ny voalohany dia nandrodana trano tranainy izy ireo ary nihady lavaka lehibe. Dia nanomboka nanangana ilay tempoly niha-avo hatrany izy ireo. Vetivety dia nijoro teo ny tranon'ny Tompo!

Tsindrindraona ery izaho sy ny iray tampo amiko handeha ao amin'ny tempoly indray andro any. I Esther zokiko vavimatoa no afaka manao batisa voalohany. Miandry mafy ny anjara fotoana handehananay ihany koa izahay rehetra. Tianay ny tempoly ary faly izahay fa manana iray ato amin'ny tanànay mihitsy!




*Ny jiro mihantona eny amin'ny valin-drihana ao amin'ny efitrano selestialin'ny Tempolin'i Sapporo Japana*




SARINA LANITRA SY FIARAMANDINA AVY AMIN'NY GETTY IMAGES





Ny anarako dia i Koshi. Mipetraka eo akaikin'ny Tempolin'i Sapporo Japana aho. Tiako ny mipetraka eo akaikin'ny varavarankelin'ny tranonay dia mijery ny fananganana ny tempoly.

Nanasa ny namako mahafinaritra iray hiaraka aminay aho nandritra ny varavarana misokatra. Hitany hoe tsara be daholo ny zavatra rehetra.

Tiako ny mieritreritra ny fanokanana ny tempoly ho toy ny tsingerintaona nisian'izany tempoly izany. Fitsingerenan'ny taona nahaterahako ihany koa izany andro izany. Ary an'ny Filoha Monson ihany koa! Tao amin'ny tempoly mihitsy izaho sy ny ray aman-dreniko rehefa notokanana izany.

Feno fankasitrahana aho mipetraka eo akaikin'ny tempoly. Rehefa sarotsarotra ny androko any an-tsekoly dia afaka mandalo ny tokotanin'ny tempoly aho eny an-dalana hody. Tsapako ny fitiavan'ny Ray any An-danitra ahy rehefa any aho. Miandrandra ny fotoana ahafahako miditra ao anatiny aho mba hanao batisa ary hanambady any aoriana any. ■